



Tsaroantsika am-bavaka ny Jobily faha-25 taonan'ny SPAA10

# Gazetin'Isotry Fitiavana

Oktobra 2020 | Laharana 127 | Vidiny 500

*"... tsy hafa ity, fa tranon'Andriamanitra sy vavahadin'ny lanitra". (Gen. 28.17)*

# Mirosoa amin'ny finoana masina




## Angaha Jesoa manery izany?

*"Ary niaraka tamin'izay Jesosy dia nanery ny mpianany hiondrana an-tsambokely hita hialoha ho any Betsaida..."* Marka 6.45

**Avelao i Jesoa HANERY anao**

Tontolo andro mahafinaritra no mifarana eto amin'ny perikopantsika ry havana.

Nahita an'i Jesoa ONENA ny vahoaka ny mpianatra. Nahoana no onena Jesoa? satria tahaka ny ondry tsy manana mpiandry ireo vahoaka betsaka ireo (and.34). Nahita ny tena toetran'i Jesoa ireto mpianatra ireto : ONENA ny mahantra. Dia nampianatra azy ireo Jesoa.

Nahita an'i Jesoa Tompon'ny fahefana rehetra ireto mpianatra ireto. Nampihinana lehilahy dimy arivo lahy i Jesoa tamin'ny mofo 5 sy hazandrano 2. Mariho kely : ny lehilahy no miisa dimy arivo. Niaraka tamin'ny vadiny ireo ary zanaka anankiroa fotsiny ohatra dia olona tsy latsaky ny 4 alina no nampihinanina. Mifehy ny lalàn'ny création Jesoa.

Tontolo andro mahafinaritra mifarana anatin'ny fifaliana sy ny fahatsapana fa nahatanteraka adidy.

Fa niaraka tamin'izay Jesoa dia NANERY ny mpianany hiondrana an-tsambokely.

Tsy tokony hahagaga antsika izao ataon'i Jesoa izao. Ny MPIANATRA/ DISCIPLES ireto tereny ireto. Ka beaziny amin'ny karazana formation continue. Tsy ny fanaovana asa soa na ny fifaliana aterak'izany no zava-dehibe fa ny FANEKENA/OBEISSANCE. Asehon'i Jesoa eto ny fombany : zariny ho amin'ny FANEKENA ny mpianatra. Ary eto dia tonga dia nanaiky ny mpianatra. Hevero ange fa azony natao ny niteny hoe:

- Jesoa ô, miala tsiny Aminao fa tena valaka izahay;
- Jesoa ô, sao dia tsy fahendrena izany mita ranomasina andro hariva be izany?
- Jesoa ô, inona moa no tena mahamaika ho any Betsaida?
- Maninona raha miainga vao maraina rahampitso? ets...

Lojika be daholo ireo! Ary mbola azo notohizana tsy manam-pahataperana : manan-tsaina daholo ny rehetra rehefa HANOHITRA an'i Jesoa!!!

**NANKATO** ny mpianatra ry havana!

Ry havana avelao Jesoa HANERY anao! Raha tsy mety tereny ianao, dia tsy ho azonao ny ainao; raha tsy mety teren'ny fandaminam-piangonana ianao dia tsy hahita fifaliana amin'ny fanompoana fa mety haratra aza! Fa ny farany, ary tsy ny kely indrindra : izay manao ny sitrapon'ny Ray any an-danitra, ireo ihany, no hiditra any amin'ny Fanjakan'ny lanitra! AMEN.

***Pasteur Solofo RAMAHOLIMIHASO***

> Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina
> Joda 20

## Perikopa Oktobra 2020

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 04 | Ala. XVII man. Trinite | Eks. 14. 15–22 | Jao. 9. 35–41 | Jod. 17–23 |
| 11 | Ala. XVIII man. Trinite Radio Protestanta FFPM | 1 Sam. 17. 42–51 | Lio. 17. 1–6 | 1 Kor. 16. 13–18 |
| 18 | Ala. XIX man. Trinite MAMRE | 2 Tan. 20. 20–23 | Mat. 21. 18–22 | 2 Tim. 1. 1–5 |
| 25 | Ala. XX man. Trinite Samp. Fifohazana FJKM – Reformasiona | Isa. 7. 1–9 | Jao. 4. 46–54 | Kol. 2. 4–7 |

Lohahevitra septambra 2020

# Miasà amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra

## 06 septambra

### NY FATIDRÀN'I JESOA IHANY NO MATAHOTRA AN'ANDRIAMANITRA

*«Ary izy nihevitra tao ampony hoe : Ahoana no hataoko, fa tsy manana fitoerana hamoriako ny vokatro aho ? Ary hoy izy : izao no hataoko : handrava ny trano fitehirizako aho...»* (Lio 12.17-19)

- **Ny fitiavan-tena dia sakana amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra**

Ny olona tia tena, sy ny olona mieritreritra fa izy no ivony (égocentrique) dia tafasaraka amin'Andriamanitra, sy amin'ny olona mpiara-belona aminy, ary tsy matahotra an'Andriamanitra. Diso hevitra ny olona tia tena mieritreritra fa ny sandany (valeur) dia ao amin'ny vola sy ny harena ; tsia ny sandan'ny olona iray dia ilay sanda omen'Andriamanitra azy ka nanirahany ny Zanany handatsaka ny ràny teo amin'ny hazo fijaliana mba hanaovany azy ho fatidrà.

- **Ny fitiavana fahafinaretana dia sakana ho an'ny fahatahorana an'Andriamanitra**

Ny olona tia fahafinaretana na koa hoe « be revy » dia tsy matahotra an' Andriamanitra satria variana amin'ny fananana araka ny nofo ka mametraka ny fony tamin'izany, ary tapohan'ny fahafatesana satria tsy mahalala izay hiafarany.

- **Ny olona matahotra an'Andriamanitra dia miasa mihary harena any an-danitra**

Tohano ny asa fitoriana ny Filazantsara ary manompoa an'i Jesoa amin'ny fananao rehetra.
Miantrà ny malahelo rehetra izay tratry ny tananao fa efa antomotra ny fiverenan'i Jesoa.
Tsarovy fa ny fatidràn'i Jesoa ihany no afaka hanolotra ny fananany hanohanana ny fatidràn' i Jesoa hafa, ary tsarovy koa fa tsy very izay vola rehetra laniana ho an'ny Tompo fa ho vantaninao any an-danitra.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

## 13 septambra

### AVELAO JESOA HANATANTERAKA ANAO, AVELAO JESOA HI «PERFECTIONNER» ANAO

*«... miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo... Ataovy ny zavatra rehetra amin'ny tsy fimonomononana sy ny tsy fisalasalana ...Eny, na dia haidina ho fanatitra aidina eo amin'ny fanatitra sy fisoronan'ny finoanareo aza aho, dia faly ka miara-mifaly aminareo rehetra. Ary aoka izany no hampifaly anareo koa, ary miaraha mifaly amiko.»* (Fil 2. 12-18)

Raha mamela an'i Jesoa hanatanteraka anao ianao dia :

- **Mankatò sy manaiky an'i Jesoa**

Ekeo tanteraka i Jesoa, ary manana toe-po hoe matahotra sy mangovitra, dia hiasa ao anatinao Andriamanitra ary hi «énergiser» anao Izy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, amin'ny fikasana, amin'ny faniriana hanao ny sitrapon'Andriamanitra ary indrindra amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra.

- **Hasandratr'i Jesoa ho fanazavana**

Tian'Andriamanitra hatao fanazavana ianao, dia toy ny kintana ngeza be manazava ny aizina, Kintana manoro làlana, satria rakotry ny aizina izao tontolo izao dia firenena meloka sy maditra.
Mba tsy hihena ny fahazavanao dia atsaharo ny fimonomononana sy ny be fisalasalana.

- **Manao fanatitra sy fisoronana ny fiainanao**

Ataovy fanatitra na «sacrifice» ho an'i Jesoa ny tenanao sy ny momba anao rehetra ka ny Fanahy Masina no hi«énergiser» anao hahatanteraka izany ; avelao Jesoa hanoro làlana sy hitarika anao.

Ataovy litorjia ny fiainanao.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

## 20 septambra

### TSAROVY FA EVEKAN'ANDRIAMANITRA IANAO

*«Fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, fa mpitandrina ny an'Andriamanitra»* (Tit 1 .7)

Ny eveka dia mitandrina ny an'Andriamanitra, ary ny evekan'Andriamanitra dia :

- **Mahatsiaro ho irak'Andriamanitra, ary vonton'ny Tenin'Andriamanitra**

Vonton'ny fampianarana marina, fampianarana madio, fampianarana tsy misy kilema izay manome fahasalamana ny saina sy ny nofo.
Ny andraikitry ny evekan'Andriamanitra dia mitandrina tsara ny ankohonany, ny fiangonana, ny firenena mba tsy hisy fampianaran-diso hisosoka ao.
« Raha hanao araka izany zavatra izany ianao, ka hilaza izay didy aminao Andriamanitra, dia haharitra ianao, ary izao olona rehetra izao koa dia ho tonga soa amantsara any amin'ny taniny » (Eks 18. 23)

- **Mikendry izay hahatafiditra ny vahoakan'Andriamanitra any an-danitra**

Mba hahatanteraka izany dia hentitra izy amin'ny fandaminana ary mi«veiller sur» izy mba hajaina ilay fandaminana.
«Dia tezitra ny tompony ka nanolotra azy ho amin'ny mpampijaly mandrapandoany ny trosa rehetra» (Mat 18 : 34)

- **Mikendry ny handoavan'ny vahoakan'Andriamanitra ny trosany rehetra amin'Andriamanitra**

Trosa ara-bola no resahana eto ; izay tsy mahaloa ny trosany amin'Andriamanitra dia atolotr'i Jesoa amin'ny mpampijaly mandrapandoany ny trosa rehetra.
Ny mpampijaly dia izay rehetra mahatonga anao anaty fijaliana, na atolotra eo antanan'i Satana ianao hampijaliany, koa manombok'izao dia aza atao ambinambin-javatra ny adidy ara- bola eo anivon'ny fiangonana.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

## 27 septambra

*«Ary mbola manana anankiray izy, dia ny zanany lahy malalany, ka nony farany dia naniraka azy hankany aminy izy ka nanao hoe : Hanaja ny zanako izy... Ary rehefa nisambotra azy izy, dia nahafaty azy sy namoaka azy teo ivelan'ny tanimboaloboka...»* (Mar 12. 1-12)

- **Hajao i Jesoa Zanaka malalan'Andriamanitra**

Ny fanajàna an'i Jesoa dia :

- Ny famohana ny varavaran'ny fonao rehefa mandondona Izy.

- Ny fanatanterahana ny hafany sy ny teniny. Fampiharana ny teniny amin'ny antsipirian'ny fiainanao manontolo, tsy amin'ny andro alahady ihany fa amin'ny andavanandrom-piainanao mihitsy. Ary ny zanakao dia tezao koa hanaja an'i Jesoa.

- **Aza mandà an'i Jesoa**

Ny fandàvana an'i Jesoa dia hahatonga faharavana eo amin'ny fiainanao, tsy faharavana sy fandringanana ara-materialy fotsiny ihany, fa ny olona izay mandà an'i Jesoa dia ho any amin'ny farihy mirehitra afo sy solifara.

Koa mangataha ny Fanahin'ny fahatahorana an'Andriamanitra mba hatahotra ny hanao izay hampahatezitra an'Andriamanitra ianao amin'izay rehetra kasaina sy ataonao.

- **Ataovy vato fehizoron'ny fiainanao i Jesoa**

Zava-dehibe izany satria any am-parany any dia tsy maintsy ho avy ny andron'ny famaliana, ny andron'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay andro faran'izay mampatahotra. Ka raha manao an'i Jesoa ho vato fehizoron'ny fiainanao ianao dia tsy hiharan'izany fahatezerana izany satria voarakotr'ilay rà nalatsak'i Jesoa ho anao teo amin'ny hazo fijaliana.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

**Naoty nalain'i Fara RAVELOARIMANANA**

*Témoignage*

# «Je croyais que les Kim étaient des dieux!»

Timothy Cho (pseudonyme) est un réfugié de Corée du Nord. Devenu chrétien pendant son périple pour fuir le pays, il souhaite témoigner de ce qu'il a vécu dans le pays le plus dangereux pour les chrétiens.

«J'ai pleuré toute la journée quand Kim Il-sung est mort»
«Je suis né en Corée du Nord à la fin des années 1980, lorsque le pays était fortement contrôlé par le culte de la personnalité entourant les dirigeants de la nation, la famille Kim - ils étaient vénérés comme des dieux. Comme tout citoyen nord-coréen, je considérais la famille Kim comme des dieux, et je les chérissais dans mon cœur. Dès l'enfance, j'ai demandé à mes parents de m'emmener voir les statues des Kim, et je pleurais si je trouvais un seul grain de poussière sur elles. Quand Kim Il-sung, le grand-père du dirigeant actuel Kim Jong-un, est mort le 7 juillet 1994, j'ai pleuré toute la journée - parce que je croyais vraiment qu'il était mon grand-père et le dieu de tous les citoyens nord-coréens.

Cependant, l'idée de considérer les Kim comme des dieux en Corée du Nord a progressivement diminué depuis les années 1990. Quand nous étions jeunes, à l'école maternelle, on nous donnait des repas gratuits, et avant de manger ce repas, nous remercions la famille Kim. Nous pensions que tant que la famille Kim vivrait, nous n'aurions pas à nous soucier de la nourriture, parce qu'ils étaient des dieux et qu'ils prendraient soin de nous.
«Si les Kim était des dieux, comment pouvaient-ils nous laisser mourir de faim?»

Mais ensuite, dès la première année du primaire, nous avons vu comment certains de nos camarades de classe ne pouvaient pas venir à l'école parce qu'ils n'avaient pas de nourriture.

Mais ce n'était que le début. La situation est allée de mal en pis, et finalement, même moi, je me suis retrouvé à vivre dans la rue, sans rien à manger. Je me suis dit alors: «Si les Kim étaient des dieux, comment pouvaient-ils nous laisser mourir de faim?» Les Nord-Coréens nés après l'an 2000 voient que ce n'est pas la famille Kim qui les aide à survivre, mais le marché noir.

**Le christianisme vu comme une trahison et une menace pour la sécurité nationale**

En Corée du Nord, il n'y a pas de place pour le christianisme ou toute autre foi qui suggère qu'il y a une puissance supérieure aux Kim. Il n'y a même pas d'espace libre où les gens peuvent en parler. C'est l'une des raisons pour lesquelles il est si dangereux d'être chrétien en Corée du Nord.

En plus d'être considéré comme un rival au culte de la personnalité qui entoure la famille Kim, le christianisme est une question de sécurité nationale en Corée du Nord. Le régime prétend que les États-Unis utilisent le christianisme comme une arme pour détruire la nation socialiste.

Les chrétiens de Corée du Nord ont trois possibilités:
- Tenter de s'enfuir dans un autre pays, mais le voyage est dangereux et illégal
- Rester en Corée du Nord et renoncer à sa foi.
- Rester en Corée du Nord et garder sa foi secrète - en sachant que si vous êtes découvert, vous serez emprisonné, torturé et presque certainement tué.

La Corée du Nord est l'endroit le plus dangereux du monde pour les chrétiens. Pourtant, on estime leur nombre à environ 300.000, tous croyants clandestins. Le régime n'a pas réussi à éradiquer l'Église.

*https://www.portesouvertes.fr/edifier/temoignages*

*Azonao jerena manontolo ao amin'ny **www.fjkmisotryfitiavana.org***

# Ny volana septambra an-tsary



**06 septambra**

**MPIASAM-PIANGONANA**

Jobily fisotroan-drononon-dRamatoa RAVELOARIMANANA Miarisoa, Tonian'ny Akany Fitiavana

**24 septambra**

**SEKAF**

Katekista avy amin'ny SEKAF (Sekolin'ny Katekista Firaisan'ny Synodam-paritany enina ao amin'ny faritra Sofia). Nanatrika fiofanana niaraka tamin'i Pasitera Solofo



"Ary ny oloko marina dia ho velon'ny finoana; Fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko"

*Hebreo 10.38*

## *Pensées et réflexions*

## Un engagement qu'il se rappelle

*« Il donne à vivre à ceux qui le craignent; il se souvient toujours de son alliance »* Psaumes 111:5

Ceux qui craignent l'Eternel n'ont pas à craindre le besoin. A travers de longues années, l'Eternel toujours a trouvé de quoi nourrir ses enfants, dans le désert comme au torrent de Kerith, au sein de la captivité ou durant la famine. Pour ce qui est des bénédictions plus grandes et plus élevées de l'Alliance de grâce, il ne cessera jamais non plus de les répandre sur nous suivant nos besoins. Il se souvient de l'alliance qu'il a traitée, même quand nous le provoquons à nous détruire. Il n'oublie pas de nous aimer, de nous garder, de nous encourager. Chaque article de ses engagements est présent devant ses yeux, et il ne permettra pas qu'aucune de ses paroles tombe à terre. Nous oublions, hélas, trop souvent notre Dieu, tandis que lui pense toujours à nous avec amour. "C'est pourquoi le fondement de Dieu demeure ferme," et aucun croyant ne peut perdre l'héritage divin qui lui appartient par droit d'alliance.

***Charles Spurgeon***

Ny sampana fifohazana eto Isotry Fitiavana
Dia sampana iray tena irian'ireo tsy manana
Raha sendra mifanojo izahay ka mifankahita
Dia mifampiarahaba amin'ny endrika sariaka

Izahay tsy miafahafa na miatsaravelatsihy
Satria ny mpianatry ny Tompo tsy maintsy mifankatia
Tena mahafinaritra be ny olona mpikambana ato
Fa na mafy na mora ny asan'ny Tompo dia misosa tsy miato

Koa entanina hianao mba hilatsaka ho mpikambana
Fa izay rehetra mazoto ka manolotena dia ho raisinay mitambatra
Koa vonona ve hianao hanatevin-daharana
Fa ny asan'ny Tompo ange ka hiarahantsika manana e

Ka na mafy na mora ny asan'ny Tompo izay ataontsika
Dia efa vonona isika hilofo ka hiara-mamita
Koa mitsangana ka mivonona hanatanteraka izany
Fa na be na kely ny asan'ny Tompo dia ataontsika sesilany

***Tonton Jules,***
***Mpiandry Isotry Fitiavana***

## *Ankatoka*

**I - FANAPAHAN-KEVITRA**

- Fisehoan'ny Katekomena – Andiany faharoa "Zakaria sy Jaona" (raisina Alahady 1er Novembre 2020): miisa 61 izy ireo, ka Vehivavy : 37 ary Lehilahy: 24

- Ny trano atolotry ny Fiangonana ho an'ny Mpitandrina noho ny fisotroan-dronono: 160 – 200 tapitrisa Ariary

- Famelomana boky maitso IF : Mr Zo RAMAROLAHY no chef de projet
• Hira 4 karazana : izay efa tao / jobily / louange / hira litorjika
• Hira voatolotra hatreto :
➔ Sal 32.1-2
Mr Fanomezana RAKOTONJANAHARY ;
Mr Razafindrakoto Norbert (mpamoron-kira foibe FJKM)
➔ Sal 119.1 : Mr Razafindrakoto Norbert
➔ Ray Masina o…
Mr Zo Ramarolahy ;
Mr Razafindrakoto Norbert

- Alimanaka IF 2021, ampidirana ao ny :
• 1$^{er}$ dimanche mois de Juin : fahatsiarovana batisa voalohany (29 Mai 1831) Fandraisana Mpandray voalohany ( 05/06/1831)
• 2$^{ème}$ dimanche septembre / alahadin'ny AFF : Fahatsiarovana ny nandoroan'i Ranavalona II ny sampy Rakelimalaza sy Ramahavaly
• 1$^{er}$ dimanche mois de décembre : fahatsiarovana ny nisokafan' ny sekoly voalohany teto Antananarivo (Alahadin'ny sekoly 08 Décembre 1818).

**II - FAMPAHAFANTARANA**

- SPAA10 : Fanokafana faha-25 SPAA10 : Sabotsy 10 Oktobra 2020 @ 9h 30 ao @ FJKM Ambodimita Betela Firaisana.
- Ambiny cadeau Fête des mères/ pères : Misy 254 ny satroka ary 210 ny Tee-shirt. Alefa any @ Bazar Fitiavana.
- Fifampitondrana miaraka amin'ny Serasera : Azon'ery zareo hampiasaina ny 4ème place de parking
- STKZa : Mr Lanto Ratsirahonana no notendren'ny birao ho coach ny STKZa nanomboka ny Mai 2020
- Fitokanana ny Fiangonana ANAVIAVY (Tetikasa 407 communes): Ny 19 sy 20 décembre 2020 miaraka amin'i Filohan'ny Fiangonana FJKM, Docteur Irako Andriamahazosoa Ammi. 15km avy eo Betroka no misy an'ANAVIAVY.

- Mpiasam-piangonana:
• Secrétariat/ Intérim: Mme Jo no interim an'i Mme Henintsoa izay en arrêt de travail noho ny grossesse à risque
• Karama : noho ny antony iaraha-mahalala eto @ firenena dia atsasa-karama no azo naloa tamin'ny Mpiasampiangonana rehetra ny volana Jolay
• Retraite mpiasam-piangonana : Nanapa-kevitra ny birao fa @ date d'anniversaire no nanajanona nanomboka tamin'ny an'i Mme Lala secrétaire teo aloha.
• Nanapa-kevitra ny birao fa omena « pension de retraite demi salaire » tamin'ny karamany farany Mme Miarisoa manomboka ny volana Janoary 2021. Mba hisian'ny « équité » dia nanapaka koa ny birao fa Mme Lala izay secrétaire teo aloha dia hisitraka izany koa manomboka ny volana Janoary 2021.

- Alahadin'ny Mpitandrina : Tsy manasa fianakaviana ny Mpitandrina. Tsy misy ny cocktail. Fanompoam-pivavahana : miditra in-3. Fidirana 8h 30 ny fiarahabana ny Mpitandrina.

***RAMIANDRISOA Mbola***

**Les bonnes intentions ne suffisent pas, la foi sainte conduit à agir ... Osez avancer !**

### Lahatsoratra ho an'ny mpivady

# Ny vady ve ?

1/ Fanomezana tsara avy amin'Andriamanitra ny vady (Gen 2.18), satria Andriamanitra dia tsara sady mpanao ny tsara (Sal.119:68; Gen.1:31a)

2/ Olona iray hafa amin'ny tena mihitsy ny vady, manana ny maha izy azy manokana amin'ny lafiny maro, kanefa dia natambatr'Andriamanitra ho iray amin'ny tena mandram-piavin'ny fahafatesana (Gen.2:24), tsy azo hisarahana na soloina (Mat.19:6).

Vokatr'izay fahasamihafana izay dia nataon'Andriamanitra hiaraka sy hifameno ny mpivady. hifampila mandrakariva (ny taolan-tehezan'i Adama any amin'i Eva ary Eva namboarina avy amin'i Adama: Gen.2:21-23), hifanampy, hifampitantana, hifanohana, hifamonjy… (Mpito.4: 9-12).

3/ Ny mpivady sy ankohonana kristiana iray dia azo ambara ho fiangonana kely (micro-église). Ny mpino manambady dia antsoin'Andriamanitra hitia ny vadiny amin'ny fitiavan'Andriamanitra (1 Jao. 4:7-11), fitiavana aseho amin'ny asa sy ny teny (manambitamby, manome teny mamy, mizara ny soa sy ny mamy, mitondra ny vesatrin'ny iray, manome ny tsara ao aminy…)

**FINTINA**:
Ny mpivady tena kristiana ve? ekipa iray izy, "camp" iray no misy azy, trano iray no itoerany, tempoly iray no ivavahany, Tompo iray no tompoiny dia Jesoa Kristy, fahavalo iray no iadivany dia ny devoly. Fandresena iray azo avy amin'ny fifamelankeloka sy ny fahafenoan'ny Fanahy Masina ny fandreseny.

Kitapom-bola iray fa tsy samy manana ny azy sy samy mitantana ny azy. Ny faharesena sy ny fahorian'ny vadiko dia fahareseko sy fahoriako; ny fahombiazana sy ny fifalian'ny vadiko dia fahombiazako sy fifaliako (1 Kor. 12:26).

Araraoty ary ny fahavelomanao miaraka amin'ny vadinao mba hitiavana sy hanasoavana azy fa voafetran'ny fahafatesana ny fiainam-panambadiana ety an-tany ary tsy misy fanambadiana intsony any amin'ilay lanitra sy tany vaovao honenan'ny mpino mandrakizay (Mat. 22:25-30)!

Tsy tompon'ny ampitso isika! Mba tsy ho fahatsiarovana anenenana no mitoetra raha misy ny fahalasanan'ny iray, ka "maty vao Ramalala", fa fahatsiarovana mamy miteraka fiderana an'Andriamanitra.

**FANTARO FA…**
1/ Tsy ny vady no fiainana, fa Jesoa Kristy (Jao. 14:6; Jao. 10:10)

2/ Na natao hiaraka sy hifameno amintsika aza ny vadintsika dia tsy mahafeno zato isan-jato ny banga ao amintsika, satria olona voafetra ihany izy, fa Jesoa kosa afaka mameno mitohy izay endrika fahabangana rehetra ao amintsika (Jao. 4:13-14)

3/ Raha tonga ny fotoana hakan'ny Tompo ny vadintsika ho any Aminy, tsy ho eo anilantsika sy tsy hiverina intsony, ny Tompo kosa dia eo foana sy mihevitra antsika amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra (Heb. 13:5b; Sal. 40:17).

4/ Jesoa Kristy no zavatra rehetra eo amin'ny fiainantsika. Ao Aminy no mahafeno antsika. Ao Aminy koa no afahantsika mandroso harany hiatrika ny ampitso izay tsy mbola fantantsika.

Ao Aminy no mampitony ny alahelontsika, fa ao Aminy koa no hisitrahantsika ilay teniny hoe: "Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo" (Fil. 4:4)!

***RAKOTONDRAMBOA Saholy***

### Jeunes

# Un véritable tableau !

« Un soir, une jeune femme très mondaine rencontra chez des connaissances une vieille dame dont le maintien et l'expression rayonnante gagnaient immanquablement l'admiration, en même temps que le respect de tous.

Notre jeune mondaine ne put s'empêcher de chuchoter à l'amie auprès de laquelle elle se trouvait :
- Quelle merveilleuse personne ! Elle est un véritable tableau ! J'espère bien lui ressembler quand j'aurai son âge !
- Oh, ma chère, répliqua l'amie, vous pourrez être comme elle si vous le désirez. Seulement, je vous avertis, pour être ainsi, il vous faut déjà maintenant penser à mélanger les couleurs et à tracer une esquisse.

Cette simple remarque fit réfléchir la jeune mondaine, et l'amena à changer complètement de vie. Elle revint au Seigneur dans ces conditions ».

Jeunes, examinez votre cœur, votre chemin, votre projet, votre manière de vivre, sans oublier votre foi et votre vie spirituelle. D'après cette histoire, la beauté de la vieillesse dépendra étroitement de tout ce que la vie aura été auparavant. Néanmoins, elle nous fait réfléchir sur les questions suivantes : qu'en est-il de notre vie spirituelle et de notre foi en Jésus ? Y-a-t-il de progrès après ces moments de répit, de réflexion, de confinement ? Paul nous avertit contre les fausses doctrines dans le second chapitre de son épitre aux Colossiens tout en nous exhortant à être ferme dans notre foi en Jésus-Christ. " Ainsi donc, comme vous avez reçu le Seigneur Jésus-Christ, marchez en Lui, étant enracinés et fondés en lui, et affermis par la foi, d'après les instructions qui vous ont été données, et abondez en actions de grâces" (Colossiens 2.6-7)

***Onja***

### Kristiana mandala ny teny Malagasy

# Hasina sy ny manodidina izany voambolana izany

Fototeny ny hasina, entina milaza fiavahana izy. Fiavahana mety ho fahasamihafana fotsiny anefa koa fiavahana mety ho lenta avo mitaha amin'ny lenta iva. Entina ilazana ny atolotra ho fanehoana haja ihany koa ny hasina (ohatra: hasin-tanana ho an'ny mpanotra)

**Masina**
Telo no hevitry ny masina. Voalohany ny hoe "masira" (izay no nihavian'ny hoe ranomasina). Faharoa ny hoe "miavaka" araka ny voalaza etsy ambony (izay ilay hoe fahasamihafana na fisongadinana lenta). Fahatelo izay lasa lavitra kokoa avy amin'io faharoa io ny hevi-teny hampiasain'ny fivavahana ilazana ny halehiben'ny Mpahary sy Mpifehy ny zavadrehetra (avy amin'izay ny hoe Andriamanitra irery ihany no masina).

**Andriamanitra sy Andriananohary ary Zanahary**
Efatra arivo any ho any no isan'ny teny hoe Andriamanitra ao amin'ny Baiboly. Io no naharesy lahatra ny mpandika ny Baiboly mba hampiasaina kokoa ilazana ilay Mpahary sy Mpifehy. Intelo miasa kosa ny Andriananahary ao amin'ny Baiboly rehefa natao indroa milaza ny teny: Andriamanitra no voalohany ary Andriananahary no faharoa. Tsy miasa ao kosa ny ny teny hoe Zanahary ao amin'ny Baiboly noho ny fahatsapan'ny Misiônera fa iray fototeny amin'ny Razana izy. Nikiry kosa ny Malagasy ka tany amin'ny fihirana no hita betsaka ny teny hoe Zanahary.

**Manamasina sy manasina**
Ny fankalazana ny voninahitr'Andriamanitra sy ny fangatahana izany homba sy hitoetra amintsika mpanompony no manamasina. Lasa ilazana ny fanompoamtsampy sy ny fivavahana amin'andriamanitra tsy izy ny manasina. Ny mpanompon'ireny no "mpanasina". Anisan'ny maningana amin'izany ny tononkira laharana faha 447 hoe "lanao ry kristy Tompo no hasiniko izao".

**Hoy ny fitenenan'ny Ntaolo hoe**
Antibavy nahazo masina (laoka masira no heviny eto) ka mionona amin'ny lany. Matoky fanidy masina (mandaitra no heviny eto) ka mandro am-baravaramboay. Samia masina (manan-jo no heviny eto) antaniny. Siran'ny mahihitra : lany tsy masina (tsy ahazoana tsiro no heviny eto). Andriana tsy ialan-kaforo tsy masina (tsy to teny no heviny eto). Na masina (mandaitra no heviny eto) aza ny odivalala, ny kopakopa tsy azo avela.

**Fehiny**
Niofo ny hevitry ny teny hoe HASINA sy ireo teny iray tarika aminy rehefa nampiasaina handikana ny Baiboly izy. Lasa tsy tsaroana loatra ireo heviny hafa noho izay ambaran'ny Baiboly rehefa novontosan'ny hevitenin'ny Baiboly ireo voambolana ireo.

***RAKOTOJAONA HERISOA ANDRIANAINA***

### *Le coin du médecin*

# Ny nify sy ny fluor

**Ny fiforonan'ny lavaka amin'ny nify**

Ao anaty vava dia misy karaza-mikraoba toy ny bakteria izay mipetaka amin'ny vata-nify ary mitombo haingana ka miafara amin'ny antsoina hoe « plaque dentaire » (tai-nify).

Ireo bakteria ao amin'io plaque dentaire io no manova ireo zava-mamy ao amin'ireo poti-tsakafo tavela ao ambava ka lasa asidra izay manimba kosa indray ny bakoli-nify (émail) izay isehoan'ny lavaka mitombo habe tsikelikely

**Ny Fluor**

Ny fluor dia singa iray madinika kely (oligo-élément) izay afaka mikambana amin'ny bakoli-nify ka manAmafy azy. Ahitana azy betsaka ny faritra misy volokano sy ny rano misy amin'ireny faritra ireny, ny ranomasina (1mg/l), ny zavamaniry sasany (épinard, karaoty, asperge, ravimboafotsy…), ny trondro, ets…
Ankehitriny dia asiana fluor ny dentifrice ka afaka manamafy bakolinify amin'ny alalan'ny fikasohana mivantana. Any amin'ny firenena sasany dia asiana fluor koa ny rano amin'ny paompy sy ny sira andrahoan-kanina.

**Fitandremana**

Ny Fluor dia tena ilaina saingy atao amin'ny fatra antonony. Ny OMS (Organisation Mondiale de la Santé) dia namaritra fa tsy tsara ny mandray mihoatra ny 0,05mg isan'andro isaky ny lanjan'ny vatana 1kg.

Tena manimba kosa ny Fluor raha be loatra ny fatra raisina ka mahatonga aretina antsoina hoe « Fluorose » : lasa malemy ilay bakoli-nify, miova ny lokony ary mora simba vetivety ilay nify

***Dr. RANDRIAMBELOSON Albert***




**Gazetin'Isotry Fitiavana**

Talen'ny Famoahana:
**RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina**

Talen'ny Fanoratana:
**RAKOTOMAHARO Rufin**

Mpandrindra:
**RABEVAZAHA Felana**

Mpandrindra mpanampy:
**RAKOTOMALALA Dorothée**
**RAVELOARIMANANA Fara**
**RARIVOARIVELOMANANA Kanto**

Mpaka sary:
**RANAIVOARISON Tianaina**

62, Làlana Victoire Rasoamanarivo
101 Antananarivo

Tél : +261 32 05 645 49

Oktobra 2020